

Malagasy Protestant Church in France
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France

Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

SAP

REVETIR L'HOMME NOUVEAU


Eph. 4: 17 - 32

REVETIR L'HOMME NOUVEAU

Texte : Ephésiens 4. 17-32 (TOB)

- 17 Voici donc ce que je dis et atteste dans le Seigneur : ne vivez plus comme vivent les païens que leur intelligence conduit au néant.
- 18 Leur pensée est la proie des ténèbres et ils sont étrangers à la vie de Dieu, à cause de l'ignorance qu'entraîne chez eux l'endurcissement de leur cœur ;
- 19 Dans leur inconscience, ils se sont livrés à la débauche, au point de s'adonner à une impureté effrénée.
- 20 Pour vous, ce n'est pas ainsi que vous avez appris le Christ,
- 21 si du moins, c'est de Lui que vous avez entendu parler, si c'est Lui qui vous a été enseigné, conformément à la vérité qui est en Jésus :
- 22 il vous faut, renonçant à votre existence passée, vous dépouiller du vieil homme qui se corrompt sous l'effet des convoitises trompeuses,
- 23 il vous faut être renouvelés par la transformation spirituelle de votre intelligence,
- 24 et revêtir l'homme nouveau, créé selon Dieu, dans la justice et la sainteté qui viennent de la vérité.
- 25 Vous voilà donc débarrassés du mensonge : que chacun dise la vérité à son prochain ; car nous sommes membres les uns des autres.
- 26 Etes-vous en colère ? Ne péchez pas ; que le soleil ne se couche pas sur votre ressentiment ;
- 27 ne donnez aucune prise au diable.
- 28 Celui qui volait qu'il cesse de voler ; qu'il prenne plutôt la peine de travailler honnêtement de ses mains, afin d'avoir de quoi partager avec celui qui est dans le besoin.
- 29 Aucune parole pernicieuse ne doit sortir de vos lèvres, mais, s'il en est besoin, quelque parole bonne, capable d'édifier et d'apporter une grâce à ceux qui l'entendent.
- 30 N'attristez pas le Saint Esprit, dont Dieu vous a marqués comme d'un sceau pour le jour de la délivrance.
- 31 Amertume, irritation, colère, éclats de voix, injures, tout cela doit disparaître de chez vous, comme toute espèce de méchanceté ;
- 32 Soyez bons les uns pour les autres, ayez du cœur ; pardonnez-vous mutuellement, comme Dieu vous a pardonné en Christ.


Gros plan sur ce texte :



Explications :

Vocation chrétienne en 2 étapes :


Première étape



En Jésus-Christ, Dieu appelle l'humanité à sortir du monde vers son Royaume (Jean 3 : 16). Et que l'homme qui reçoit cet appel pour lui-même revêt l'homme nouveau (v. 21-24). Mettre un nouveau vêtement sous-entend la nécessité pour la personne qui va le porter d'être propre ! (comparer, Luc 5 : 37-38). C'est donc le vieil homme qui doit passer par Jésus pour être renouvelé ! Mais avant tout, c'est Dieu qui réalise cette tâche car c'est l'opération qu'Il réalise en son Fils Jésus-Christ pour nous: « revêtir l'homme nouveau créé selon Dieu dans la justice et la sainteté qui viennent de la vérité » (v. 24). Cette opération se réalise dans la mort et dans la résurrection de Jésus (la vérité qui est en Jésus, v. 21).

Passage obligé : il y a des personnes qui changent de religion comme ils changent de vêtement selon leurs désirs ou leurs convictions. D'où ces personnes qui changent de baptême à tout moment sans saisir vraiment le sens de cet acte. Paul atteste dans cette épître qu'il n'y a qu'un seul baptême (4 : 5). Et que cet acte signifie pour le baptisé qu'il est fusionné dans la mort et dans la résurrection de Jésus-Christ (Colossiens 2 : 12). Le chrétien s'est dépouillé de son ancienne nature avec Jésus qui s'est dépouillé de sa vie jusqu'à son ensevelissement dans le tombeau. Et l'œuvre de Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit réalise la résurrection de notre humanité déchue en homme nouveau: « Mais si Christ est en vous, le corps est bien mort à cause du péché, mais l'Esprit est vie à cause de la justice. Et si l'Esprit de celui qui a ressuscité Jésus d'entre les morts habite en vous, celui qui a ressuscité le Christ d'entre les morts vivifiera vos corps mortels aussi, à cause de son Esprit qui habite en vous » (Romains 8 : 10-11).

Deuxième étape



La sainteté de l'Eglise

Tout d'abord, l'assemblée est séparée du monde par sa foi en Christ. Ensuite, elle y est séparée pour Dieu en vue d'une mission au monde— c'est la signification du mot « saint » (voir aussi, 1 Pierre 2 : 9). Cette assemblée est présentée comme le corps de Christ ; un seul corps, beaucoup de membres, plusieurs membres, mais tous forment un seul corps : l'unité du corps de Christ. C'est la vocation première des membres qui est celle de se soucier avant tout de cette unité dans toutes ses diversités (4 : 1-16). Par ce témoignage, l'Eglise sert de modèle face à notre société qui éprouve de la peine à la tolérance et au vivre ensemble. Voici quelques applications :

1. Relation personnelle et interpersonnelle

Une relation est habituellement perçue comme une communication entre deux personnes, comme des relations intimes ou amoureuses : on parle ainsi de la relation personnelle. Mais, la relation interpersonnelle concerne la communication entre deux personnes ou un groupe en dehors de cette relation personnelle. Au cours d'une réunion d'église, par exemple, il est nécessaire de ne pas confondre la personne et les idées qu'elle partage pour être soumises au groupe. L'amitié entre deux personnes ne signifie pas toujours qu'elles aient les mêmes avis sur un certain sujet. Et que la personne où sa proposition n'est pas acceptée ne se sente pas haïe par l'autre (qu'elle soit épouse, mari, frère, sœur, diacre, pasteur, ami...). N'oublions pas que c'est l'idée proposée qui n'est pas retenue et non la personne !

Par notre caractère réservé, et par souci du « fihavanana » (amitié au sens plus fort), on a du mal à nous exprimer au cours d'une réunion : peur d'offenser ou de briser la relation avec l'autre. Cependant, cela pose problème lorsqu'on a donné notre accord, et après la réunion, chuchoté par-ci et par-là notre désapprobation. Un sujet évoqué puis débattu est bien accepté surtout lorsqu'il contribue au bien et à l'épanouissement de l'assemblée !

2. Epargne solidaire

En ce temps de crise économique et financière où les chrétiens ne sont pas à l'abri, chaque personne essaie d'épargner leur argent pour subsister. Martin Luther explique le 8ème commandement en disant : « voler ne signifie pas seulement prendre le bien d'autrui sans son accord, mais lorsqu'on n'a pas aidé l'autre économiquement alors qu'on a le moyen de le faire est déjà un vol qu'on a commis envers lui ! ». D'où cette idée, comme beaucoup d'autre, de réfléchir et d'agir pour que l'argent prenne du sens et non le diaboliser ! Un exemple est celui de l'épargne solidaire.

L'Eglise participe déjà aux offrandes et aux « adidy » (cotisations) pour prouver leur fidélité à Dieu et contribuer ainsi au développement de la communauté. D'autres églises peuvent témoigner de ce qu'elles réalisent outre ces moyens de participation financière des membres. Pour cela, l'Eglise exhorte les fidèles par tous les moyens à se manifester !

Par épargne solidaire, on perçoit le pourcentage du bénéfice (10%, 25%, 30% ou 50% des intérêts obtenus par les capitaux placés en banque) au profit de la caisse commune en vue de financer les postes de pasteur titulaire, par exemple. Jacques, dans son épître, rappelle cela à l'Eglise de son temps : « Le service religieux pur et sans tache devant Dieu le Père, est celui-ci : de visiter les orphelins et les veuves dans leur affliction, de se conserver pur du monde. » (1 : 27)

Grenoble ce 18 mai 2015

Pasteur RAMAHERIJAONA Jean-Teddy,

MITAFY NY OLOM-BAOVAO

Teksta : Efesiana 4. 17-32

- 17 Koa izao no lazaiko sady ambarako ao amin'ny Tompo: ny tsy mba handehananareo intsony tahaka ny fandehan'ny jentilisa amin'ny fahafoanan'ny sainy;
- 18 fa efa tonga maizin-tsaina sy olon-ko azy amin'ny fiainan'Andriamanitra ireny noho ny tsi-fahalalana ny anatin'ny, noho ny hamafin'ny fony,
- 19 dia olona tsy mahalala henatra intsony ka nanolo-tena ho amin'ny fijejojejoana hanao izay fahalotoana rehetra amin'ny fieremana.
- 20 Fa ianareo kosa, dia tsy mba toy izany no nianaranareo an'i Kristy,
- 21 raha Izy tokoa no renareo ka tao aminy no nampianarana anareo, araka ny fahamarinana izay ao amin'i Jesosy,
- 22 mba hialanareo ny toetrareo taloha araka ny fitondran-tenanareo fahiny, izay mihasiimba araka ny filan'ny fitaka;
- 23 fa mba hohavaozina kosa ianareo amin'ny fanahin'ny sainareo,
- 24 ary mba hotafinareo ny toetra vaovao, izay noforonina araka an'Andriamanitra amin'ny fahitsiana sy ny fahamasinana momba ny fahamarinana.
- 25 Koa esory ny lainga, ka samia milaza ny marina amin'ny namany avy ianareo rehetra; fa samy isan'ny momba ny tenan'ny namantsika avokoa isika.
- 26 Tezera, fa aza manota; ary aoka tsy ho tratry ny masoandro milentika ny fahatezeranareo.
- 27 Aza manome fitoerana ho an'ny devoly.
- 28 Aoka izay nangalatra tsy hangalatra intsony; fa aleo hikely aina ka hiasa izay tsara amin'ny tanany, mba hisy homeny izay tsy manana.
- 29 Aoka tsy haloaky ny vavanareo izay teny maloto, fa izay tsara ho fampandrosoana, araka izay tokony hanaovana, mba hahazoan'ny mihaino fahasoavana.
- 30 Ary aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, Izay nanisiana toambo-kase anareo ho amin'ny andro fanavotana.
- 31 Esory aminareo ny fo-lentika rehetra sy ny fahavinirana sy ny fahatezerana sy ny fitabatabana sy ny fitenenan-dratsy ary ny lolompo rehetra;
- 32 ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy ianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy


Teksta atao indray mijery :



Fanazavana :

Antso maha kristiana indroa miantaona :

Dingana voalohany



Ao amin'i Jesoa Kristy no iantsoan'Andriamanitra ny olombelona rehetra mba hialan'izy ireo amin'izao tontolo izao ho amin'ny Fanjakany (Jaona 3 : 16). Ka ny olona izay nandray izany antso izany ho an'ny tenany no mitafy ny olom-baovao (and. 21-24). Ny fanaovana ny fitafiana vaovao dia mitaky ny fahadiovan'ny olona izay hitondra izany! (ampitahao, Lioka 5 : 37-38). Tsy maintsy mandalo amin'i Jesoa Kristy izany ilay olona taloha mba handraisany ny fanavaozan'Andriamanitra azy! Izy Tompo no manatanteraka izany fanavaozana izany aloha, satria fanadiovana antsika amin'ny alàlan'i Jesoa Kristy Zanany izany: « ary mba hotafinareo ny toetra vaovao, izay noforonina araka an'Andriamanitra amin'ny fahitsiana sy ny fahamasinana momba ny fahamarinana » (and. 24). Izany fanadiovana antsika izany dia tanterahan'i Tompo ao amin'ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Jesoa Kristy (araka ny fahamarinana izay ao amin'i Jesoa, and. 23).

Lalana tsy maintsy hizorana : misy ny olona miova fivavahana toy ny miova akanjo araka izay itiavany azy na izay maha resy lahatra azy. Dia toy izany ny olona manovaova batisa satria tsy mahafantatra loatra ny anton'izany izy. Hamafisin'ny apositoly Paoly ato amin'ity episitiliny ity fa iray ihany ny batisa (4 : 5). Ka izany batisa izany dia midika fidiran'ilay olona nandray azy ho ao amin'ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Jesoa Kristy (Kolosiana 2 : 12). Ny kristiana dia manaisotra ny maha olona taloha azy ho ao amin'i Jesoa Kristy izay nanolotra ny tenany hatramin'ny fahafatesana any am-pasana. Ary ny asan'Andriamanitra Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina no mahatanteraka ny fitsanganan'ny olona vaovao amintsika izay lavon'ny fahotana: « Fa raha Kristy no mitoetra ao anatinareo, na dia maty ihany aza ny tena noho ny ota, dia fiainana kosa ny fanahy noho ny fanamarinana. Ary raha ny Fanahin'izay nanangana an'i Jesosy tamin'ny maty no mitoetra ao anatinareo, dia Izay nanangana an'i Kristy Jesosy tamin'ny maty no hamelona ny tenanareo mety maty amin'ny Fanahiny, Izay mitoetra ao anatinareo» (Romana 8 : 10-11).

Dingana faharoa



Ny fahasinan'ny Fiangonana

Mihataka amin'izao tontolo izao ny Fiangonana noho ny finoany an'i kristy ; izay no dingana voalohany. Avy eo, mandao ny fomban'izao tontolo izao izy satria nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany mba ho irany eo anivon'izao tontolo izao— izay no hevitra ny teny hoe « masina » (jereo ihany koa, 1 Petera 2 : 9). Tenan'i kristy no sary anehoana ny fiangonana; tena iray, misy mpikambana maro, manana rantsana maro, fa mitambatra kosa izany rehetra izany ho tena iray: fiombonan'ny tenan'i Kristy. Izany no antso ho an'ny kristiana rehetra mba hihevitra izany fiombonana izany ao anatin'ny fahasamihafany avy (4 : 1-16). Amin'ny fantanterahan'ny Fiangonana izany antso izany no mahatonga azy ho marika halain-tahaka manoloana ny fiarahamonina izay hita sahirana amin'ny fiaraha-miaina samihafa. Ireto misy fampiharana azo atolotra momba izany :

1. Ny fifandraisan'ny olona amin'ny sehatra manokana (relation personnelle) sy amin'ny sehatra ivelan'izay (interpersonnelle)

Ny fifandraisana dia mazàna fantatra noho ny fiarahana eo amin'ny olon-droa, toy ny fihavanana na ny fifankatiavana: izay lazaina eto hoe fifandraisan'ny olona amin'ny sehatra manokana (relation personnelle). Ny fifandraisan'ny olona anankiroa na ao amin'ny fikambanana ka mivoaka izay sehatra izay no antsoina hoe fifandraisana mihoatra ny sehatra manokana (relation interpersonnelle). Ohatra, mandritra ny fivorian'ny fiangonana dia tsy tokony hafangaro ny olona mandray fitenenana sy ny hevitra izay entiny eo anivon'ny mpikambana. Tsy voatery hitovy hevitra ny olona anankiroa manoloana ny zavatra dinihana na dia mpihavana akaiky aza izy ireo. Ary tsy tokony hahatsiaro voahilika izay olona hita fa tsy lany tamin'ny fivoriana ny heviny (mety ho ny vady izany na ny anadahy na ny anabavy, diakona, mpitandrina, namana...). Aza hadinoina fa ny hevitra natolotra no nolavina fa tsy ilay olona velively akory!

Noho ny toetra misorona (réservé) sy noho ny fandalàna ny fihavanana dia mety hanahirana ny olona anankiray ny handray fitenenana mandritra ny fivoriana. Miteraka olona anefa izany raha toa ilay olona mbola manakiana etsy sy eroa amin'ny hevitra efa nankatoavina sy nolania teo amin'ny fivoriana. Voaray tsara mantsy ny hevitra nodinihana sy niadiana rehefa mitondra ho amin'ny fampandrosoana ka mahasoana ny Fiangonana!

2. Tahiry iombonana

Amin'izao fotoanan'ny krizy ara-toekarena sy ara-bola izao izay mahazo ny mino ihany koa, dia hita fa miezaka manao tahirimbola ny olona tsirairay hitsinjovany ny vodiandro ho merika. Hoy i Martin Luther raha nanazava ny didy faha-8 izy: « ny fangalarana dia tsy hoe fakana ny zavatra ny hafa izay tsy nahazoana alàlana ihany, fa indrindra ihany koa, rehefa tsy manampy ny hafa amin'ny fihariany isika kanefa mahafantatra ny fomba hanampiana azy amin'izany dia toy ny nangalatra taminy ihany! ». Izany no mahatonga ny fiheverana, tahaka ny hevitra maro hafa, hampiasa

ny vola mba hanana ny dikany tokoa izy fa tsy dia heverina ho toy ny zava-dratsy foana ! Ohatra amin'izany izay lazaina eto hoe : tahiry iombonana.

Efa manatanteraka « adidy » sy manao rakitra ny kristiana ho mariky ny fitiavany an'Andriamanitra sy ho fampandrosoany ny Fiangonana. Afaka mijoro vavolombelona amin'izany ny fiangonana sasany izay manatanteraka mihoatra noho ireo voalaza ireo. Koa dia mamporisika ny vahoakan'Andriamanitra hatrany ny Fiangonana mba handraisan'ny kristiana rehetra anjara amin'izay mety ho vitany araka izay eo am-pelan-tanany!

Momba ity tahiry iombonana ity dia misy ny fakana ampahany amin'izay tombony azo (10%, 25%, 30% ou 50% noho ny petrabola nataony tany amin'ny banky) ho an'ny kitapo iombonana mba hamatsiana ireo paositra mpitandrina matihanina ohatra. Nampahatsiaro manodidina izany ny apositoly Jakoba tamin'ny Fiangonana tamin'ny fotoanandrony: « Iza no fivavahana madio sady tsy misy loto eo anatrehan'Andriamanitra Ray: ny mamangy ny kamboty sy ny mpitondratena amin'ny fahoriany, sy ny miaro ny tena tsy hisy pentimpentina avy amin'izao tontolo izao » (1 : 27).

Grenoble faha-18 mey 2015

Mpitandrina RAMAHERIJAONA Jean-Teddy,